MYSTIQUE ET SORCELLERIE DANS LE MANUSCRIT DE L'OMBIASY

(Manuscrits Hova de la Bibliothèque Grandidier 1864-1870)

I. — LE TANGUIN

Texte présenté par
Lucile **RABEARIMANANA**

Parmi les nombreux manuscrits du XIXe siècle transcrivant les traditions orales sur l'histoire et les coutumes des ancêtres, le document appelé Manuscrits Hova (1) mérite une attention particulière. Il offre une masse abondante et

---

(1) Grandidier (A. et G.) le désignent ainsi. Delivré (A.) dans sa thèse : *Interprétation d'une tradition orale. L'histoire des rois d'Imerina* (Madagascar), Paris, 1967, p. 101 et s. l'appelle « Manuscrits merina ».

La première présentation publique du manuscrit est celle du Docteur Jean Raharijaona, vice-président de l'Académie Malgache dans *Madagasikara — Regards vers le passé*. Exposition 10-20 novembre 1960, Imprimerie Officielle, Tananarive 1960. Etudes Malgaches - h.s. - p. 121 et s. A l'Ecole Normale, furent commencées les premières études systématiques du manuscrit, sous la direction de M. S. Ayache (cf. *Taloha* N° 1. Archéologie — *Annales de l'Université de Madagascar*, 1965, pp. 287-297). A la Faculté des Lettres et Sciences Humaines, ces travaux poursuivis permirent en particulier d'établir la table des matières exactes des manuscrits. Dans le cadre de la Maîtrise d'histoire l'étude critique du document a été entreprise, pour la partie ethnologique, par L. Rabearimanana : *Le Manuscrit de l'Ombiasy = présentation, traduction, étude critique* (Mémoire principal, Tananarive 1969) et pour la partie historique par E. et M. Esoavelomandroso (Mémoires secondaires de l'ancien D.E.S., 1968). Les premières thèses d'histoire malgache utilisant ces manuscrits sont celles de A. Delivré (*Op. cit.*) et de S. Ayache : *Raombana 1809-1855 - L'Historien*, Paris-Tananarive 1970.

très variée de renseignements sur l'histoire et l'ethnographie. Il fournit aussi d'autres précisions sur les Merina et les diverses populations de Madagascar à l'époque (2).

Il est très difficile de savoir à qui l'on doit ce manuscrit puisqu'Alfred Grandidier lui-même, qui le détenait et le cite à maintes reprises dans sa bibliographie ne donne guère d'indication sur ses auteurs (3), qu'il appelle tantôt « l'un des derniers survivants des *ombiasy* (4) de Ranavalona 1ère », tantôt « un vieil *ombiasy andriana* de Tananarive » (5). Quant au manuscrit lui-même, il en existait deux exemplaires dans la bibliothèque Grandidier ; une première version, l'original, est actuellement conservée au Musée de l'Homme à Paris (fonds Grandidier du département de Madagascar). La deuxième version qui devait être, d'après Alfred Grandidier, la version définitive, (copie de la première (6) a été offerte à l'Académie Malgache par Guillaume Grandidier en 1954. La première version comprend deux volumes in folio de 263 et 107 pages, de formats divers. Quant à la deuxième, elle est formée d'un volume de 410 pages de format 25 X 37,5 cm.

Le manuscrit anonyme de l'ombiasy comprend 15 cahiers de dimensions inégales (7) et un seizième qui est d'Alfred Grandidier. Les dates de rédaction de ces cahiers sont mentionnées au début de chacun d'eux. Mais les numéros des cahiers ne coïncident pas avec l'ordre chronologique de leur rédaction. Les deux premiers cahiers par exemple, qui traitent de quelques sujets d'histoire relativement ancienne n'ont été rédigés qu'en 1866-67, alors que la rédaction des cahiers Nos 3, 4, 6, 7, sur les coutumes date de 1864 et 1865 (8).

---

(2) Par exemple, dans le Cahier N° 10, le chapitre 8 est intitulé : « Nombre des temples et des écoles anglaises à Tananarive. Nombre des élèves » (pp. 229-232).

(3) Y a-t-il eu un ou plusieurs auteurs ? L'examen du manuscrit semble montrer qu'il n'y en a pas eu qu'un seul.

(4) Un *ombiasy* est un sage, un guérisseur, un lettré. Il peut aussi prédire l'avenir. Sous Ranavalona 1ère, de tels personnages devaient jouer un rôle important à la cour, comme conseillers de la reine. Vu l'étendue de leurs connaissances, ils devaient être bien placés pour relater l'histoire du royaume et décrire les mœurs des anciens Malgaches.

(5) Cité par Delivré (A.), *op. cit.*, p. 102.

(6) Mais l'orthographe en est désastreuse, le copiste ignorant certainement le malgache.

(7) cf. table des matières du manuscrit en annexe.

(8) Parfois des sujets déjà traités auparavant reviennent : par exemple, « les *fombany fitokanantrano ny Andriana raha vao mahavita trano* » — (les coutumes d'inauguration d'une résidence royale nouvellement construite), déjà traités dans le cahier N° 5 en 1867, sont repris en 1870 dans le cahier N° 10 avec comme titre : « *Ny fombany fitokanan-trano ny Andriamanjaka raha vita ny trano vao atao* ». (Les coutumes d'inauguration chez le roi, lorsque la nouvelle résidence est achevée).

Le manuscrit, comme nous le constaterons dans le passage ci-dessous concernant le tanguin, est écrit en malgache, dans la langue de l'époque bien entendu, avec des formes abandonnées de nos jours (9). Le style aussi nous frappe par sa lourdeur et les nombreuses répétitions. Les verbes synonymes ou de signification très voisine se succèdent les uns aux autres. Les phrases n'en finissent pas, les virgules se succèdent sans fin.

Cependant, c'est dans ce style plutôt fouillis à nos yeux, dans ces répétitions fréquentes, que nous pouvons apprécier la valeur de ce que nous apporte le manuscrit : des traditions sur l'histoire ancienne ou plus récente des groupes merina, des coutumes de nombreuses populations de toute l'Ile, des descriptions détaillées de certaines pratiques encore en vigueur, ou interdites par le souverain dans la 2ème moitié du XIXe siècle. C'est le cas en particulier des usages concernant le tanguin, que Radama II venait d'interdire.

Le manuscrit parle longuement de l'ordalie par le tanguin dans le cahier N° 6, dans quatre chapitres distincts les uns des autres (10), le premier exposant les différentes péripéties de l'épreuve judiciaire (11), les autres traitant des cas particuliers (lorsqu'une personne se défend contre l'accusation de sorcellerie portée contre elle par un parent ou une personne de son village. Rites du tanguin sur un chien, sur les volailles) (12). Par la richesse des détails, par les explications au fur et à mesure de la description des rites, le manuscrit apporte sur cette pratique disparue depuis longtemps, des renseignements substantiels d'autant plus précieux qu'ils nous permettent de compléter ce que nous apportent par ailleurs d'autres ouvrages de l'époque (13).

En ce qui concerne la présentation du chapitre ci-dessous (cahier N° 6, chap. 15), le texte malgache est celui de la première version, les variantes de la deuxième version – dues généralement à des erreurs de copiste – sont reproduites en notes pour faciliter la lecture du texte conservé à l'Académie malgache, en signalant ses incorrections. Les chiffres entre crochets (les mêmes pour le texte malgache et la traduction française) indiquent les pages du manuscrit (première version). Les notes qui accompagnent la traduction française apportent des précisions ou des explications au contenu du texte. Celles qui sont précédées de lettres majuscules justifient certains termes employés dans la traduction.

---

(9) Pour l'orthographe des mots par exemple, « *manatrikia* » (être présent, assister) s'écrit *manatrika*, de nos jours. *Anaovana* (forme relative venant de la racine *tao*) s'écrivait alors « *anavana* ».

(10) cf. table des matières du manuscrit en annexe.

(11) cf. extrait du manuscrit ci-dessous.

(12) Remarquons que dans le cahier N° 2, chap. 5, le manuscrit parle de l'introduction de cette pratique en Imerina sous Andriamasinavalona.

(13) Ellis (W.) dans son *Histoire de Madagascar* (tome I), et Cousins dans ses *Fomba Malagasy* fournissent aussi d'amples renseignements sur cette pratique. L'examen de toutes ces sources permet de constater qu'à côté de quelques pratiques invariables, il y a quand même de nombreuses variantes dans le rituel de cette épreuve judiciaire par le tanguin.

N° 6 – *FOMBANY FANAO AMY NY LEFONOMBY SY NY VELIRANO SY NY VOKAKA*
– *FOMBANY FANAO AMY NY TANGENA NA OLONA NA AKOHO KELY NA AMBOA*

15. – *Ny fombany rehetra fanao amy ny tangena*

[-59-] [-59-] Ny fanao raha ny Andriana no mampinona, ka odimahery no ampinomany olona, sy mikiomy, ary raha tanan'olona samy rery (1) aminy odimahery, koa atao tsyanketsikia, aminy izay trano ahitana azy, no ampinomana azy na dia (2) trano n'olona aza, dia vakina izay, atao [-60-] hoe, Izao no asainy Andriana ampinomana anao, na itanan'olona [-60-] anao, dia isaina izay hampinomana azy.

Voalohany indrindra, na atoandro aza no ampinomana azy (3), dia arindrina ny trano, dia tsentsenana tsara ny mangirana (4), atao tsy misy mangirana, dia asiana jiro ao antrano, Dia alaina ny rano hadina atao tsy mahita masoandro, dia alaina ny akohokely hatao vonosotry atao roa, dia alaina ny reny akoho, ho vonoina hanalana hoditra akoho, dia alaina ny tandroho handoavany olona hinona, hizahana ny hoditra akoho, dia alaina ny embokakondro, hasiana ny tangena, rehefa voasa aminy fanasantangena ny Andriandahy mpampinona ny tangena, fa ny mpampinona efa manana vy fanasantangena ataony tahaky ny sotro lehibe, ka tetehiny tahaky ny tsofá eo anatiny, dia alaina koa ny zanaka akondro, hanalana ranony (5) kely hatao aminy rano hanasana tangena, dia atao ny koba, dia mahandro vary ampangoro kely, ho haniny olona hinona, dia atao hoe lafikia no anarany iny vary iny, ary ny koba atao hoe lasitra no anarany, ary nony vory izany zavatra izany, dia tanehina ny ranonkoba atao amy ny vilany (6) lehibe, dia asiana rano tsy mahita masoandro betsaka (7), kanefa atao aminy vilany hafa aloha ny koba, asiana rano betsaka koa, ka haroina tsara, dia ranon-koba hiany no tanehina amy ny vilany lehibe efamisy (8) rano tsy mahita (9) masoandro, dia tanehina atao mafana tsara, ary nony vita izany, dia mitsangana ny Andriandahy mpampinona, dia mifindra kely mianatsimo ny olona hinona, dia asiana afo kely êo (10) anoloany hidikiany, sy hidikiany tangena, dia tanany

---

(1) samy'rery
(2) nadia
(3) noampinomanaazy
(4) mangarana
(5) ronony
(6) vila ny
(7) masoandrobetsaka
(8) efa misy
(9) enahita
(10) eo

mpampinona eo anoloany olona hinona ny tangena, akambany aminy lefon-tangena, dia tokoaviny (11) ny tangena dia izao no fitokoany ny tangena, Dia izao no fitokoany ny tangena.

1 – Mandrenesa, mandrenesa, mandrênesa (12), mandrênesa (13) mihainoa tsara hianao ray Manamango, Atody vorivory hianao fanovan' Andriamanitra, solom-bavan-Janahary, tsy mana-maso koa mahita, tsy mana'ntadiny koa mandre, tsy manam-bava koa neken-teny amam-bolana, koa mandrenesa mihainoa (14) tsara hianao ray manamango.

2 – Mandrenesa, mandrenesa, mandrenesa, mandrenesa, mihainoa tsara hianao. Tany lavitra any hianao, tany ambazan-(15)tany efatra, tany amoron-dranomasina, tany ampandrantovana, no rantovin-toavola hianao tany no rantovin-toa voahangy (16) na Andriana no naka anao tany (17), na hova no naka anao tany, na fotsy naka anao, na mainty naka anao. [-61-] Ny nanalana anao tany, ray Mana-[-61-]mango, Ho solom-bavan'Andriamanitra. ho fanovan-Janahary. Ho fitsaran'Andriana, ho fitsaram-bahoaka, ho elanelam-panahy fanoritana, ho toratady fanaperanony. Hankeloka ny meloka, hanitsy ny mahitsy, koa mandrenesa, mihainoa tsara hianao ray Manamango.

3 – Mandrenesa, mandrenesa, mandrenesa, mandrenesa, mihainoa tsara (18) hianao ray (19) Manamango, Raha niakatra hianao tao aminy Zafimbolasira, niakatra hianao tao aminy Zafitsimaito, niakatra hianao tao Iravoandriana, niakatra hianao tao aminy Manarivofito, Niakatra hianao tao Ivohombohitra, tao amin'Andrianentoarivo, tany nisy Andriana izany, tany nisy Manjaka izany, fanambany n'Andriana zanadralambo, Andrianjato no tany, Andriana arivo no tany (20), na Andrian-jato aza izany, na Andriana arivo aza izany, Raha nitsara izany nitsara niangatra hiany izany, nitsara ivohon-kodiny izany, Nanao efa koa soa izany, Azon-tambim-volaaman-karena izany, Namohafoha ny vita izany, Fitsaran-drainazy izany, Manaiky êla iambenana, Mitsara tsy nahefa izany, mimpody mitsara izany, tsy mba nalain'efa izany, fa nitsara (21), niankina aminao ihany, fany efanao no efany, ny vitanao no vitany. Fa hianao no fitsaran'Andriana, fitsaram-bahoaka, solom-bavan'Andriamanitra, fanovan-Janahary, toratady fanaperanony, hankeloka ny meloka hankahitsy ny mahitsy, ka mandrenesa mihainoa tsara hianao ray Manamango.

---

(11) diatokoaviny
(12) mandrenesa
(13) *Id.*
(14) mahainoa
(15) amitran-tany
(16) voahanga
(17) nonaka antany
(18) mihainoatsara
(19) hianaoray
(20) notany
(21) mitsara

4 – Mandrenesa, mandrenesa, mandrenesa, mandrenesa, mihainoa tsara hianao ray Manamango, Raha niakatra hianao taminy ity tany Merina ity, Fanambonyny n'Andriana zanadralambo, Andrian-jato izany, Andrianaarivo izany (22), ka na Andrianjato aza izany, na Andrianarivo aza izany, Raha manana ady ny olona, sy manampan-ditra, ka raha alaina hitsara izany, Mitsara miangatrahiany izany, Mitsararatsy mahefa izany, manao efa koa soa izany, Mamohafoha (23) ny vita izany, Fitsarandrainazy, azon-tambim-bolaaman-karena izany, Menamso mitsara izany, mitsara miankina amy nao hiany izany, fa ny vitanao no vita, ny efanao no efa (24) fa hianao no fitsaran'(25)Andriana, fitsaram-bahoaka, toratady, fanaperanony, Solom-bavan-Janahary, fanovan'Andriamanitra, Han-
[-62-] keloka ny meloka [-62-], hanitsy ny mahitsy, koa mandrenesa mihainoa tsara hianao ray Manamango.

5 – Ary mandrenesa, mandrenesa, mandrenesa, mandrenesa mihainoa tsara hianao ray Manamango, ary midikia omby anie hianao mitsara mahavita, midikia ondry hianao mitsara mahavita, midikia akoholahimena hianao mitsara mahavita, midikia tsileondoza hianao mitsara mahavita, midikia vakamiarana hianao mitsara mahavita, midikia volamahitsy hianao mitsara mahavita, midikia tsontsoraka hianao mitsara mahavita, midikia afobe hianao mitsara mahavita, midikia harentsi-maty hianao mitsara mahavita, midikia tsiriry sy ahibita hianao mitsara mahavita, Solombavan-Janahary hianao, Fanovan'Andriamanitra fitokian' Andriana, fitokiam-bahoaka (26) hianao, koa tsy mila ran-karena hidikiana, tsy mifidy tonon'Andro hinomana, fa zava-mandeharà idikianao, itsaranao mahavita, zava-tsy mandeharà idikianao, itsaranao mahavita, koa mandrenesa mihainoa tsara hianao ray Manamango.

6 – Mandrênesa (27), mandrenesa, mandrenesa, mandrenesa, mihainoa tsara hianao ray Manamango, Tsy mba ny any ankoatry ny bonga (28), tsy mba ny any ivelany vohitra, tsy ny tako-maso miefidrindrina, tsy ny tohono (29), tsy ny lazan'olona, tsy ny anarana itoviana, fa indro Ranona (dia tononina ny anaran'olona) manatrikia atrehinao, Koa raha manana odimahery mahafaty olona io, ka manana odiratsy mahafaty olona, koa indrindra ka manana ny harokaty, ka manana ny ohadia, ka manana tendrihiatoka, ka manana manaramody (30), ka manana ny tsitrabadimantsaka (31), ka indrindra ka manana ny

---

(22) Andriana arivoizany
(23) mahafoha
(24) noefa
(25) nofitsaran'
(26) baoaka
(27) mandrenesa
(28) bongo
(29) tohono
(30) manaramody
(31) tsitra badimantsaka

kabaritsimisy, ka manana ny fandraikiraikena, ka manana fanjambana (32), ka manana izao odiratsy rehetra izao, ka raha manana izany io Ranona io, ka fandafikia no hantenaina, fampitsoahana no antenaina, fanevota no antenaina, famono afo no antenaina, fandevonana no ante-
[-63-] naina, fanatsatsorano no antenaina, fisasy, fitsinjo, ka raha [-63-] izao odiratsy sy fanahy ratsy izao hiany ka izany no ho enti-mandà, Solom-bavan-Janahary, fanovan'Andriamanitra hianao, ka tsy leom-pandresy, ary mahamasina izany, fa raha manana izao odiratsy voisa sy fanahy ratsy izao, koa indrindra ka mikiomy, sy manaratsy tany sy fanjakana, dia vonoy faingiana, vonoy malaky, ankatovy ho faty, tapero aina, tapero fofom-bava, heringereno, aza atao manory Andriana aza atao manasa-bahoaka (33) fa vonoy (34) haingiana, fa satria manana ny ody mahery mahafaty olona (35) sy odiratsy mahafaty sy maratsy (36) tany.

7 – Ary mandrenesa, mandrenesa, mandrenesa, mandrenesa, mi-hainoa tsara kosa hianao ray Manamango, fa ho zaraikio ny (37) mahitsy, Tsy mba ny ankoatry ny bonga kosa, tsy ny tako-maso miefitry ny rindrina, tsy ny any ivelany vohitra, tsy ny tohona, tsy ny lazan'olona, tsy anarana itoviana, fa indro io Ranona (dia tononina ny anaran'olona) manatrikia (38) atrehinao io, koa raha (39) tsy manana odimahery maha-faty olona kosa izy tsy akory, koa tsy odiratsy mahafaty olona io, koa tsy manana ny harokaty izy, ka tsy manana ohadia, ka tsy manana tendri-hatoka, ka tsy manana manaramody, ka tsy manana ny tsitra-bady man-tsaka, ka tsy manana kabary be tsy misy, sy fandraikiraikena, ka tsy manana ny fanjanıbana, ka indrindra ka tsy manana odiratsy manaratsy tany sy fanjakana io Ranona io, ka raha tsy manana izao odiratsy voisa izay izy tsy akory, ka tsy mikiomy, ka tsy manaratsy tany sy fanjakana, fa odimahery kosa no ho entin'(40)olona mamolaka azy, fandevonana, fitsinjo odiratsy, fandresy, fanolak'olona, tsy manana izao odiratsy voisa izao, sy izao fanahy ratsy voisa izao, Solom-bavan-Janahary, fanovan' Andriamanitra kosa hianao, tsy azontolak'olona, fa velomy faingiana kosa Ranona, velomy (41) malaky, tsimbino ny aina, tsimbino ny fony
[-64-] [-64-] midododododoa, mihazakazaha, aza toa tany, ka miala faingiana ao anati-kibony hianao, raha tsy manana izao odiratsy voisa izao Ranona, sy tsy manana izao fanahy ratsy voisa izao miraraha faingiana eo ambony

---

(32) mananafanjambana
(33) baoaka
(34) vonony
(35) mahafa tyolona
(36) maraty
(37) zaraikiony
(38) ananatrikia
(39) naha
(40) nohoentin'
(41) velonmy

tandroho hianao (42) fa tany tsy fitoeranao ao ankibond'Ranona, hangatsiatsiaka izy, hanaranara, fa satria izy tsy manana izao odiratsy izao, sy tsy nanao izao fanahy ratsy izao.

8 – Ary dia adikia ny mpampinona aminy ilay afo natao anoloany (43) olona hinona ny tangena, dia asaina mandikia io afo io koa ny olona hinona, dia mifindra ery avarapatana (44) ny Andriandahy mpampinona, dia mifindra mianavaratra kely koa ny olona hinona, ary dia ampihinanina ilay vary ampangoro no handroina ny olona hinona, ilay atao hoe lafikia, ary ny olona sasany, dia mamboatra ny tandroho atao eo anoloany (45) olona hinona handoavany, fandrao tsy hita ny hoditra akoho telo, ary ny sasany dia manao lavaka eo atsimony mpinona hiangonany rano aloany, ary ny sisa dia manamboatra ny hoditra akoho telo, koa ny aminy lamosiny ny akoho no alaina, ary ny sasany dia mitanikia ny ranon-koba, ho sotroiny olona hinona ; ary ny Andriandahy mpampinona kosa dia mipetraka eo avara-patana, dia mamboatra ny embokakondro kosa izy hasiana ny Tangena voasa, sy mamboatra ny sondrin-dravina kely aminy ilay zanaka akondro, atao erianky no halehibeny, ary erianky mihioatra kely no halavany, hampisotroana (46) ny akoho kely ho vonoin-tsotry, ary nony vita ireo dia mamaky ny tangena ny Andriandahy mpampinona, dia izao no teny ataony raha mamaky ny tangena izy, Teny amakiana anao ray Manamango, tsy hanito, tsy hanefitra, tsy hifoaba, tsy handefitra, dia vakina amy ny lefon-tangena aminy izay
[-65-] ny [-65-] Tangena, dia voasana tsara ny tangena, atao voany roa no vakina, ary nony voa ofy, dia asiana rano tsy (47) mahita masoandro amy ny embokakondro iray eo atsimo, fa atao roa ny embokakondro, ary ny avaratra hasiana ny tangena, ary dia maka rano amy ny sondry ny mpampinona atao eo aminy fanasan-tangena dia asiana ranon-janak'akondro (48) koa eo, dia manasa tangena ny mpampinona, dia izao (49) no fiteniny mandrapaha voasa ny voan-tangena roa, Johady marikio, dia tsy mijanona aminy izay ny teny ny mpampinona ráha tsy efa voasa ny tangena, ary nony efa voasa ny tangena, dia maka sombin-dravina kely ny Andriandahy mpampinona, dia saofiny kely eo aminy tangena voasa eo (50) aminy embokakondro, dia atao hoe, ny loharano ratsy ny loharano tsy soa, ny tangena tsy mahita izay hifoaba izay handefitra, homba iny miala, homba iny miesotra dia ariany iny, dia mandrehitra afo kely amy ny bozaka indray izy, dia tsiloviny tangena, dia atao hoe tsilovikio

(42) hianoa
(43) an oloany
(44) avarapanany
(45) analoany
(46) hampisotroana
(47) ranotsy
(48) ranon-janakakondro
(49) izaho
(50) io

ity afo ity hianao ray Manamango, hatsilo, hahiratra tsy hifoaba tsy handefitra, ary dia raisiny indray ny lefona tangena, dia soritany ny tangena aminy embokakondro, dia atao hoe, Soritako ity lefo-maranitra ity hianao ray Manamango, ity lefo-maranitra fitsarana, ka tsy fitsara ampiam-pitsarana, fa tian-kiraisan-teny, tian-kiraisam-bolana (51), ka harani-pilaza hianao, ho to (52) teny ho to volana.

9 – Dia raisiny Andriandahy mpampinona ny akohokely, dia ampisotroiny tangena, vonoiny sotry, dia izao no fiteniny raha mampisotro tangena ny akohokely (53) izy ; atody ity, atody ity, Atody ka nody vorona, ity ray Manamango, lany n'akoholahy, teraky ny akohovavy, nipiapiaka andro, nisêrana (54) ando maraina, nahalala ny andro ho
[-66-] maraina, ka raha ho fitsarana [-66-]tsy handaingia, tsy hilaza vohony , tsy ho rainazy (55), tsy hanaikinaiky foana, ka tsy ho forovato, fa ho azo (56) hitokiana, ka ho fitsaran'Andriana, fitsaram-bahoaka (57) tokoa, ka hankeloka ny meloka, hankahitsy ny mahitsy. Lahy ity akohokely matesa, vavy ity matesa, matesa hiraisan-teny ity, Matesa hiraisam-bolana, matesa tsy têrêna (58) ity, Matesa tsy asesika. Raha ho fitsarana (59) ho azo (60) itokiana tokoa, ho azo hiorenankazo, tsy ho rainazy, tsy ho azon-tolak'ohitsy. Lahy ity matesa, vavy ity matesa, vonoy nao Tangena ity, vonoy nao fitsarana ity (61), fa ny seraseran-jaza, ny seraseram-behivavy, tsy mahosa fo anao tangena izany, ny hoditra nifanolorana, ny lamba nifandiasana, tsy mahosa fo anao izany, fa lahy ity matesa, vavy ity matesa, matesa hiraisan-teny ity, matesa hiraisam-bolana. Ary nony maty ny akohokely (62), dia avela, fa mampisotro ny hovelomina (63) indray – Dia izao indray no fiteny ny mpampinona. Izany hiany ray Manamango, tsy tody, tsy angatra, tsy hala ity no vonoina, tsy tombo ity no velomina, fa izy no asiana maty sy velona, tian-kiraisan-teny, tian-kiraisam-bolana, ka raha fitsaran'tsy handaingia (64), tsy hamitaka tsy hilaza vohony, tsy ho rainazy, tsy ho forovato, tsy hamono mahitsy fa hankeloka ny meloka, hankahitsy ny mahitsy, Lahy ity veloma, vavy ity veloma, velomy ity hiraisan-teny velomy ity, velomy nao tangena

---

(51) tiam-kiraisan-bolana
(52) hoto
(53) akohotely
(54) nis erana
(55) ranaiza
(56) hoazo
(57) fitsarambahoaka
(58) terena
(59) ho fi tsarana
(60) hoazo
(61) fitsara naity
(62) akoho kely
(63) ho velomina
(64) handaingio

ity, velomy nao fitsarana, veloma ity hanoina teny, veloma ity hanoina volana, dia arotsaka amy ny izay ny tangena, veloma hanoina (65) teny ity, veloma hanoina volana, nony velona ny akoho kely dia sasana ny vavany, dia avela, ary raha tsy mety maty ilay no vonoina taloha, na ho faty ilay no velomina, manova akoho kely hafa indray, ary raha maty ilay no vonoina, ka velona ilay velona, dia vita ny vonosotry.

10 – Ary dia ampitelemina ny hoditra akoho ny olona hinona dia ateliny tsy rairay ny hoditra akoho, tandremana tsara fandrao voatsako, ary nony voatelina ny hoditr'akoho, dia mifindra kely mianatsimo [-67-] indray ny olona hinona, dia anaovana halana [-67-] kely izy hitoerany, atao bozaka kely foana, aforitra kely, ary nony mbieo izy, dia asaina mitsotra ny tongony, dia asiana rano kely amy ny tanany roa, dia asafony any andohany (66), dia any amy ny tratrany, dia any amy ny tongony no farany ary nony vita izany, dia ampisotroina tangena izy, dia miteny ny mpampinona, raha mampisotro ny (67) tangena izy, manao hoe, Mivavaka aho (68) fa tsy (69) nahita maso aho fa mpanala adidy, ary nony voasotro ny tangena, dia mitokoa ny mpampinona, dia izao no fitokoa ny tangena, Mandrenesa, mandrenesa, mandrenesa, mandrenesa, mihainoa tsara hianao ray Manamango, êfa mbiato ankibond'Ranona hianao, efa nitady, efa nila, efa nikiatsaka efa nitsapa ny fo aman'ainy, efa nangarahara (70) ny taolany amankodiny, efa nangarahara ny tongony amantanany, efa nahita ny marina sy ny meloka ao ankibony. Raha manana ireo odimahery sy ireo ody ratsy ireo, sy mikiomy, sy manao ireo fanahy ratsy ireo izy, dia efa hitanao, ka solom-bavan-Janahary, fanovan' Andriamanitra hianao ka tsy manova izay teny nomena, tsy manadino ny hafatra natao, ka tangen-tsara (71) hafatra tsy mba manova teny, ka aza mifoaba fandrao mamono mahitsy, ary aza mandefitra, fandrao tsy mahafaty ny meloka, ka raha manana odimahery ity Ranona ity, ka manana ny ody ratsy mahafaty olona, ka indrindra ka manana ny harokaty, sy ny ohadia sy ny tendrihiatoka, ary manana ny manaramody ka manana tsitrabady mantsaka, ka indrindra ka manana ny kabaribetsimisy ka manana fanjambana, ka manana fandraikiraikena, ka indrindra ka manana ny ody ratsy entina manaratsy tany sy fanjakana, ka indrindra ka mikiomy, sy manaratsy tany sy fanjakana, ka raha manana izany ody ratsy izany hiany, sy mikiomy, sy manaratsy tany sy fanjakana [-68-] hiany, ka mafila, ka fandafikia no hantenaina [-68-] fanatsatso rano no (72) hantenaina fandevonana no hantenaina fampitsoahana no hantenai-

(65) hamoina
(66) andohany
(67) mampisotrony
(68) mivavakaaho
(69) fatsy
(70) nang arahara
(71) tangena tsara
(72) ramono

na, fa nevotana no hantenaina, famono afo no hantenaina, odimahery tsy matingena no hantenaina (73) fisasa fitsinjo, raha manana izao ody ratsy izao hiany, sy manao izao fanahy ratsy izao hiany Ranona, ka ireo ody ireo no ho entina (74) mandà Solombavan-Janahary, fanovan'Andriamanitra hianao, ka tsy mba leom-pandresy, ary tsy mahamasina izany, fa raha manana izao ody ratsy izao, vonoy faingana, vonoy malaky, ankatovy ho faty (75), heringereno, tapero fofon'aina, tapero fofom-bava, ravaravao sandry, êtreo (76) afitsaho, vonoy faingana, vonoy malaky, fa aza atao manory Andriana, aza atao manasa-bahoaka (77), fa satria manana ny odimahery sy ny ody ratsy, sy manao izay fanahy ratsy izao ka mafila (78).

11 – Mandrenesa, mandrenesa, mandrenesa, mandrenesa, mihainoa tsara kosa hianao ray Manamango, fa hozaraikio (79) kosa ny mahitsy, efa mbiato ankibond'Ranona kosa hianao, efa nitady efa nila, efa nikiatsaka efa nitsapa ny fony aman'ainy, efa nangarahara ny tongony amantanany, efa nangarahara ny taolany aman-kodiny, efa nahita ny marina sy ny meloka ao ankibony, ka raha tsy manana odimahery mahafaty olona kosa izy ka tsy manana ody ratsy mahafaty olona, ka tsy manana ny harokaty, ka tsy manana tendry hatoka, ka tsy manana ny manaramody, ka tsy manana fandraikiraikena ka tsy manana kabaribetsimisy, ka tsy manana fanjaimbana, ka indrindra ka tsy manana ody ratsy entina manaratsy tany sy fanjakana, ka indrindra ka tsy mikiomy izy, tsy manaratsy tany sy fanjakana, fa odimahery kosa no ho entin'olona manolaka azy, fandry olon-mahitsy fisasa fitsinjo, solom-bavan-Janahary, fanovan' Andriamanitra hianao, ka tsy mba azo atolaka, fa velomy faingiana kosa izy, velomy malaky, tsimbino ny ainy, tsimbino ny fony, midodo-
[-69-] dodoa [-69-] mihiazakazaha, aza toa tany, mahitsia lalana fa Andriamanitra, mitobaha miorikia, miraraha eo ambony tandroho, ho jeren' Andriana amam-bahoaka (80) fa tany tsy fitoeranao ao ankibond'Ranona, raha tsy manana izao, ary raha tsy manana izao fanahy ratsy izao, ary nony vita izany dia vahany ilay olona hinona ilay halana kely nitoerany, dia tsipahiny ny tongony ankavia dia (81) mifindra mianavaratra kely izy, dia tovozina amy ny lovia tany, na kapilam-boatavo ny ranonkoba, ka raha mafana loatra tampohana ranon-koba mangatsiaka atao azo sotroiny ilay olona minona, dia mivavaka ny olona miandry tokotany raha misy havany miandry tokotany, dia manao hoe, Raha manana izao

---

(73) nohantenaina
(74) nohoentina
(75) hofaty
(76) etreo
(77) baoaka
(78) mafy
(79) ho zaraikio
(80) baoaka
(81) ankaviadia

ody ratsy izao, sy manao izao (82) fanahy ratsy izao, dia matesa, raha tsy manana izany veloma (83), dia manao izany hiany ny mpiandry tokotany mandrapah'afaky ny hoditr'akoho telo, na mandrapaharesy ny mpinona, dia ampisotroina ranon-koba hiany io olona minona io mandrapah'afaky ny hoditr'akoho telo na dia mahalany be aza (84), ary raha mikoy koa izy, dia avela, ary raha resy efa maty dia avela, Ary raha velona izy fa afaka ny hoditr'akoho telo, dia ovana indray ny vavaka ataony mpiandry tokotany, Atao hoe, mangataka ny soa izahay, mangataka ny tsara, ary nony mijanona kely izy rehefa afaka ny hoditr'akoho dia ampisotroina ranon-koba kely dia kely indray ny mpinona, fandrao mbola tia handoa hiany, dia asaina mandoa hiany izy raha mbola tia handoa ary rehefa tsy tia handoa intsony izy, dia mahandro vary (85) kely dia kely atao mantamanta atao hoe, tsakitsaky no anarany, dia ampihinana vary kely dia kely indray izy rehefa tsy tia handoa intsony, atao voam-bary telo amana efatra monja, dia tsakitsakina no fitsako iny vary kely mantamanta iny, ary rehefa vita ny tsakitsaky asiana rano kely amy ny ilay vary kely teo, atao ranon'ampango, dia manasa tanana amy ny io ranonampango io ny mpinona, dia manontsambava, ary nony efa manasa tanana aminy (86) io ranonampango io ny mpinona, dia manontsam-bava, ary nony efa manasa tanana sy manontsam-bava dia omena ventin'ampango kely ho haniny, dia atao andriambary no anarany (87) iny ventin'ampango (88) kely iny, ary rehefa homana ny andriambary izy, dia alaina ny rano aminy siny, dia asiana (89) tsiriry sy ahibita sy vola voamena, ao aminy rano ao antsiny handroany mpinona ary nony efa mandro izy, dia asaina mifindra eo avarapatana, dia arahabaina atao hoe, Arahaba nomeny (90) Andriamanitra ny hitsiny, dia mamaly izy, manao hoe, Trarantitra ny Manjaka aza marofy, fa raha zava-tsy natao raha nolana dia afaka dia mihira ny
[-70-] havany eo [-70-] alatrano manao hoe Tonga re ny soa tsy mandaingia, ary dia andrasana hateloana (91) io mpinona io fandrao mandoa, karaha mandoa, dia vonoina, atao hoe mimpody arahaba, ary raha tsy mandoa dia velona, dia ampakarina, dia mamono omby raha manana izy, dia ifaliany havany, dia anaovany hira soa tsy mandaingia indray.

---

(82) izaho
(83) velona
(84) beaza
(85) mahandrovary
(86) amy ny io
(87) noanarany
(88) ventin'anhangc
(89) asi ana
(90) no meny
(91) hatelo ane.

Tapitra ny finomana ataon'Andriana sy ny tantsamy irery aminy odimahery.

Ary ny finomana ataon'Andriana sy ny tantsamy irery aminy odimahery, tsy misy antoraky indroa, fa resy dia io indray mandeha io, velona dia io indray mandeha io hiany.

N° 6 – RITES DU LEFONOMBY, DU VELIRANO ET DU VOKAKA USAGES DU TANGUIN SUR UNE PERSONNE, UN PETIT POULET OU SUR UN CHIEN (*)

15. – Tous les usages concernant le tanguin (**)

Voici les usages quand c'est le souverain qui ordonne l'administration du tanguin soit pour une accusation de sortilège, soit pour une révolte, ou si quelqu'un est accusé de sortilège, ne serait-ce que par un seul témoin. L'accusé doit subir l'épreuve du tanguin dans la maison où on le trouve, même si ce n'est pas la sienne. Puis on l'accuse en ces termes : « Voici pourquoi le roi veut vous faire boire le tanguin, ou [-60-] *pourquoi on vous accuse »* [-60-]. *Puis on dit pourquoi on lui fait boire le tanguin.*

D'abord, même si on lui fait boire le tanguin en plein jour, on ferme la maison, on bouche les fentes pour qu'aucune lumière ne pénètre de l'extérieur ; puis on éclaire la maison à l'aide d'une petite lampe. Puis on cherche de l'eau prise sous terre et n'ayant pas vu le jour ; puis on prend deux petits poulets qui serviront à l'épreuve préalable (1) *du tanguin. On fait chercher aussi une poule que l'on va tuer pour en retirer la peau* (2), *une nasse* (3) *où celui qui boira le tanguin doit vomir pour que l'on retrouve les morceaux de peau de la poule. On prend en outre le bouquet* (4) *d'un bananier qui contiendra le tanguin une fois râpé avec la râpe à tanguin du prince qui administre le tanguin* (5) *; car il a déjà une râpe à tanguin qu'il a taillée en forme de grosse cuillère mais dont l'intérieur est en dents de scie. On se procure aussi un jeune plant de bananier dont on extrait un peu de sève que l'on mélange à l'eau servant à râper le*

(*) La traduction du malgache ancien en français s'est voulue la plus proche possible du texte, d'où les nombreuses répétitions inhérentes au style de celui-ci et une certaine lourdeur de l'expression.

(**) Le tanguin ou *cerbera venenifera* est un arbuste de la Côte-Est. Son fruit est à-peu-près de la grosseur d'une pomme. L'amande râpée, vénéneuse et mortelle au-delà d'une certaine dose, doit être absorbée par l'accusé.

(1) mot à mot : qui succombe à la calamité. Cette épreuve est destinée à vérifier l'efficacité du tanguin pour juger.

(2) On choisit toujours une poule bien grasse, pour que dit-on, les trois morceaux de sa peau que l'accusé va avaler puissent ressortir.

(3) servant d'ordinaire à prendre des poissons.

(4) que l'on pourrait appeler spathe et qui portera les fruits.

(5) D'abord choisi parmi les Zanakandrianentoarivo, avec l'avènement d'Andrianampoinimerina, il est toujours issu des Zanakandriamasinavalona — Il est assisté d'un Vadintany et d'un Andriambaventy ou encore du fokonolona de la localité, lesquels veillent au bon fonctionnement de l'épreuve — (d'après les *Tantaran'ny Andriana*, p. 842).

tanguin (6). *Ensuite, on prépare une bouillie de farine, on fait cuire un peu de riz ampangoro* (7) *que l'accusé mangera et que l'on appelle lafika* (8), *et la bouillie de farine est appelée lasitra* (9). *Une fois tout ceci rassemblé, on fait cuire la bouillie dans une grande marmite dans laquelle on verse beaucoup d'eau n'ayant pas vu le jour. On aura d'abord mis la farine dans une autre marmite, on y met aussi beaucoup d'eau et on mélange bien le tout. On ne fait cuire que de la farine dans cette grande marmite où l'on a déjà versé de l'eau n'ayant pas vu le jour. Puis on fait bouillir le tout et on le tient au chaud. Ceci fait, le prince qui administre le tanguin se lève et l'accusé avance un peu vers le sud, et on allume un petit feu devant lui. L'accusé passera par dessus ce feu, de même que le tanguin. Puis l'administrateur du tanguin tient devant l'accusé le tanguin avec la lance à tanguin* (10). *Puis il formule des imprécations au tanguin* (11) *en ces termes :*

1 – *Entends, entends, entends, entends, écoute bien ô Manamango* (12), *tu es un œuf rond, le remplaçant de Dieu, le porte-parole du Créateur, n'ayant pas d'yeux mais qui voit, n'ayant pas d'oreilles mais qui entend, n'ayant pas de bouche mais dont on approuve les dires et les paroles. Alors entends, écoute bien, ô Manamango.*

2 – *Entends, entends, entends, entends, écoute bien. Tu étais dans une contrée lointaine, aux quatre points cardinaux, au bord de la mer, là où tu cherchais fortune, on t'a cherché là-bas comme on cherche de l'argent, on t'a cherché là-bas comme on cherche des perles, que ce soit un noble, un roturier, ou un esclave qui t'a cherché là-bas. On t'a*
[-61-] *cherché, ô Mana* [-61-] *mango pour être le porte-parole de Dieu, le remplaçant du Créateur, pour être le juge des nobles, pour être le juge du peuple, pour être un arbitre qui prononce le verdict, pour être juste* (A) *et parfait* (B), *pour condamner les coupables et acquitter les innocents. Alors entends, écoute bien ô Manamango.*

3 – *Entends, entends, entends, entends, écoute bien ô Manamango, lorsque tu es venu chez les Zafimbolasira, que tu es arrivé chez*

(6) Plus précisément, ce mélange doit faciliter l'opération.

(7) Riz cuit à l'eau que l'on fait totalement évaporer (R.R.P.P. Abinal et Malzac, *Dictionnaire Malgache-Français*, p. 31).

(8) Littéralement : lit, tapis... pour que le tanguin trouve déjà quelque chose dans l'estomac de l'accusé.

(9) C'est-à-dire quelque chose qui a été pressé, réduit en bouillie.

(10) Celle-ci, de petite dimension, a une lame courbe.

(11) Car les anciens Malgaches (Merina et Sakalava en particulier) croient que l'esprit du tanguin a la vertu de révéler ce qui est caché, ils pensaient ainsi pouvoir discerner les coupables des innocents.

(12) L'esprit du tanguin.

(A) mot à mot : droit comme une corde tendue.

(B) mot à mot : ce qui est à l'embouchure du fleuve.

